



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivavaha - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2019**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-14

**LANONAM-PANOKAFANA NY FOTOAM-PIVORIANA
ARA-POTOANA FAHAROAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA,
TAONA 2019**

Fivoriana voalohany
Natao ny
Talata 15 Oktobra 2019
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: - Ramatoa MICHELLE Bavy Angelica
- Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

FOTOANA: Talata 15 Oktobra 2019, tamin'ny 11 ora sy 25 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Lanonam-panokafana ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2019.

- Lakolosy -

- 1 -

- **Fitohizan'ny fivoriana** -

Ramatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Miarahaba antsika tonga manatrika izao lanonam-panokafana ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2019 izao.

langaviana ny Mpitantsoratra hamaky ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

- 2 -

- **Famakiana ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana** -

Ramatoa MICHELLE Bavy Angelica

Andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana:

Mivory ara-potoana indroa isan-taona ny Antenimierampirenena. Ny faharetan'ny fotoam-pivoriana isanisany dia ferana ho enimpolo andro.

Manomboka ny Talata voalohany amin'ny volana May ny fotoam-pivoriana voalohany ary ny Talata fahatelo amin'ny volana Oktobra kosa ny fotoam-pivoriana faharoa izay atokana indrindra amin'ny fandaniana ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

- 3 -

- **Kabary nataon-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena** -

Ramatoa FILOHA

Andriamatoa Filohan'ny Antenimierandoholona, izay tonga manatrika etoana; tolorana fankasitrahana sy voninahitra satria lehibe loatra ny fanatrehanao ny fanokafana ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena izao.

Andriamatoa Filohan'ny Filankevitra Ambony miaro ny Demokrasia sy ny Tany Tan-dalàna;

Andriamatoa solotenan'Andriamatoa Filohan'ny Komitin'ny Fampihavanana Malagasy;

Ramatoa Filohan'ny Vaomieram-pirenena miaro ny Zon'olombelona;

Andriamatoa sy Ramatoa isany mpikambana ato amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena;

Andriamatoa sy Ramatoa isany mpikambana ao amin'ny Governemanta;

Andriamatoa sy Ramatoa isany Solombavambahoakan'i Madagasikara, namana hajaina;

Andriamatoa Talen'ny Kabinetran'ny Vaomiera Mahaleotena misahana ny Fifidianana;

Andriamatoa solotenan'ny Ben'ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra;

Ianareo Mpiara-miombon'antoka;

Ianareo olo-manan-kaja ambony Sivily sy Miaramila, izay manatrika etoana;

Ianareo Mpandraharaha namana mpiara-miasa ato amin'ny Antenimierampirenena;

Ianareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery samihafa vory lanona etoana;

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Isaorantsika Andriamanitra ary ankasitrahana isika rehetra, fa vory lanona eto indray anio noho ny antson'ny adidy.

Mahavelom-bolo ianareo vahiny ary mahavelon-tsiky ny tompon-trano ny fahatongavanareo raha tazaninay avy etỳ satria toy ny havoza hanitry ny ala, rambiazina hanitry ny tanety ary voasary hanitry ny saha; ka mamerovero izay seraninareo.

Faly mifanatri-tava Tompoko ary reharena ny mandray anareo, ka mankasitraka indrindra amin'izao fanotronana izao; fa tongolo manga faka, fary manga vololona, ravin-tambolo tian'ny nify, ravin-tapia tian-dandy izao fandavan-tenanareo izao, ka toetra sy fihetsika tianay mpanasa.

- Tehaka -

Izahay ve no tsara fanahy sitrak'olona, sa ianareo no efa manan-toetra fatra-panaja; fa dia manetriketrika tokoa raha izao fanokafana amin'ny fomba ofisilay ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoa fanaon'ny Antenimierampirenana, amin'ity taona 2019 ity izao.

Koa arahaba madinidinika Tompokolahy; akory malefadefaka Tompokovavy; ary masina fantimpantenana avokoa isika rehetra, fa tafahaona soa aman-tsara eto indray.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Izay no ela ary tsy misy andraso andraso, fa manan-kolazaina betsaka sahady ny Antenimierampirenena na dia vao tsy ela aza no nijoroany, satria natao vaindohan-draharaha ny asa.

Taorian'ny fahavitan'iny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana izay nofaranana ny faha-23 Aogositra 2019 teo iny tokoa mantsy dia nankatoavin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny Fitsipika Anaty mifehy antsika tamin'ny faha-5 Septambra 2019 teo. Tsy maintsy nirosoan'ny Birao Maharitra avy hatrany izay asa nandidian'izany Fitsipika Anaty izany hatao. Tsy ankiato noho izany ny fametrahana tamin'ny fomba ofisialy ny samboadin'ireo Solombavambahoaka tany amin'ny Renivohi-paritany sy Faritra ary Distrika rehetra tany.

Ny faha-8 ka hatramin'ny faha-13 Septambra teo koa dia nisy ny fitsidihana natao tany ivelany, tany "Allemagne" izany araka ny fanasan'ny Parlemanta Alemana sy fiaraha-miasa amin'ny "Fondation Friedrich Ebert".

Ny Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika ny delegasiona Parlemantera Malagasy tamin'izany. Koa ankoatry ny fampahafantarana ny vina sy ny fanamby amin'ny fanavaozana tian-katao amin'ity Andrimpanjakana ity dia nohararaotinay tany koa ny firesahana ny Velirano miisa 13 an'ny Filohampirenena, Andrimatoa Andry RAJOELINA sy ny "Politique Générale de l'Etat" an'ny Governemanta entina manatanteraka izany.

Ho hitantsika eo ihany ny vokatsa ho azo avy tamin'izany fitsidihana izany. Efa azo antoka fa hiroso tsy ho ela kosa ny mikasika ny Antenimierampirenena manokana amin'ny alalan'ny:

- Fampijoroana ny Vondrom-pifankatiavana parlemantera «Madagascar-Allemagne» amin'ny fanaparahana fiaraha-miasa na «Coopération décentralisée»;
- Fitsidihana fifanakalozana parlemantera;
- Fampiofanana ireo mpiasan'ny Antenimierampirenena;
- Fampitaovana sy fanavaozana ny fitaovana ara-informatika sy biraotika ho an'ny Antenimierampirenena;
- ary ny fanavaozana ny fotodrafitrasa eto amin'ny Antenimierampirenena.

Ankoatra ny tany ivelany izay dia nisy matetika koa teto anivon'ny Lapa ny fandraisana ireo mpiara-miombon'antoka na avy any ivelany izany na avy eto an-toerana amin'ny fanohizana sy fanatsarana ny fiaraha-miasan'ny Antenimierampirenena amin'izy ireo. Anisan'ny nisongandina tamin'izany ny ho fampijoroana ato ho ato ny "Comité de Projets", izay rafitra iray ahafahana mandrindra ny fiaraha-miasan'ny Antenimierampirenena amin'ireo mpiara-miombon'antoka amin'ny Antenimiera rehetra.

Ambara eto koa ny fitsidihan'ny "Assemblée Parlementaire de la Francophonie" na ny APF izay nanao fampiofanana ny mpiasa; ny fanatrehana koa, tamin'ny herinandro lasa teo nataon'ireo Solombavambahoaka tamin'ny «session parlementaire» ho an'ny Parlemanta Panafrikana, taorian'ny fitsidihan'Andrimatoa Filohan'ny Parlemanta Panafrikana teto amintsika.

Tao ihany koa ny fampiofanana nataon'ny «EISA» mikasika ny fivoriana izay hatrehan'ny Solombavambahoaka amin'ny «Union Interparlementaire» eran-tany any «Belgrade» amin'izao fotoana izao. Nisy Parlemantera vitsivitsy nandeha nanatrika izany; tao ihany koa ny nanatrehan'ny Filohan'ny Vaomieran'ny Fandriampahalemana fivoriana tany «Lomé», renivohitr'i «Togo»,

Toy izay raha fintinina ny mikasika ny fitsidihana arak'asa izay natao mba tsy hahatompontrano mihono anareo Solombavambahoaka tamin'ny asa natao sy vita teto nandritra izay elanelam-potoana fohy tsy nivorianana izay. Azo ambara fa be ihany no vita na dia fohy aza ny fotoana.

Raha amin'ity fotoam-pivoriana ara-potoana izay hanomboka anio ity kosa dia hiainga maraina toa lavi-dalan-kaleha isika satria misimisy ihany toa ny fanantenan'ny mino ny asa hatao, betsaka no miandry sy mbola hatao eto. Ny tena vaimpohan-draharaha goavana araka ny Lalàmpanorenana dia ny fandinihana sy ny fandanianana ny Lalàna ifehezana ny tetibolampanjakana, taona 2020. Efa nangataka tany amin'ny Governemanta isika mba ho tonga aloha sy ara-potoana eto amin'ny biraon'ny Antenimierampirenena izany volavolan-dalàna izany mba ahafahana mandinika tsara azy.

Manana adidy rahateo isika Solombavambahoaka handinika lalina sy hahay hampifandray ary hampifandrify an'io volavolan-dalàna io amin'ny "Politique Générale de l'Etat", ka tsy hisalasala ny hanitsy raha misy ny tokony harenina. Ampahatsiahivina ihany fa ny fitaovana eo am-pelan-tànantsika Solombavambahoaka raha mikasika ny fandinihana an'io volavolan-dalàna momba ny tetibolam-panjakana dia araka ny voalaza ao amin'ny andininy faha-92-n'ny Lalàmpanorenana sy ny andininy faha-148 ka hatramin'ny andininy faha-155 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Mbola hotohizana ihany koa ny fandinihana ny lalàna mifehy ny antoko mpanohitra. Asa goavana miandry sy tsy maintsy hatrehina koa ny fanohizana ny fanatanterahana izay voalaza ao amin'ny Fitsipika Anaty izay vao avy nahazo fankatoavana tamin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana araka ny efa voalaza teo aloha. Anisan'izany ny tokony hananganana haingana ny «Commission de levée de l'immunité parlementaire» araka ny voalaza ao amin'ny andininy faha-111 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy antsika. Hodinihan'io vaomiera izay hatsangana io koa ny fampiatoana ny fihazonana am-ponja na ny fepetra anenjehana izay mahatonga ny tsy fananana fahalalahana. Raha adika amin'ny fiteny frantsay dia ny vaomiera handinika ny "suspension de la détention" na «suspension de mesure respective de liberté». Mazava ho azy fa ao anatin'izany ny fijerena ny zavatra mikasika ny Solombavambahoaka izay mizaka ny atao hoe «présomption d'innocence» na heverina ho tsy meloka.

Eo ihany koa ny fanendrena ireo solotena avy ato amin'ny Antenimierampirenena ho mpikambana ao amin'ny «Haute Cour de Justice» mba hahafahan'io rafi-pitsarana io manao ny asany araka ny andininy faha-136, andalana faha-4 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny andininy faha-200 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no milaza izany. Solombavambahoaka miisa roa sy mpikambana ao amin'ny Antenimierandoholona miisa roa no hofidina amin'izany.

Ny tsy kely indrindra, raha eo amin'ny asa miandry mandritra ity fotoam-pivoriana ara-potoana ity ihany dia mikasika ny fifandraisan'ny Antenimierampirenena amin'ireo fikambanana miankina sy tsy miankina amin'ny fanjakana toy ny fifandraisna amin'ny Minisitera, ny Fiarahamonim-pirenena, ny ONG ary ny fikambanana maro samihafa. Betsaka ny fangatahana fihaonana tonga atỳ aminay Birao Maharitra avy amin'izy ireo. Ao ny hetaheta hihaona amin'ny Birao Maharitra, ao ny amin'ny Vaomiera Maharitra; na amin'ny fivoriambe mihitsy na «Séance Plénière» izany. Ezahintsika ny hanatanteraka izany fihaonana izany satria tafiditra amin'ny politika vaovaon'ny Antenimierampirenena izany. Antenimierampirenena manakaiky vahoaka sy mahay mihaino mantsy no tanjona manomboka izao.

Ankoatra ireo, hisy ny fandinihana sy fandanianana lalàna hafa handalo eny antsefatsefany eny araka izay voarafitry ny lahadinika. Ohatra amin'izany, hisy volavolan-dalàna nanaovana fanekena mikasika ny ireo tsy manana zom-pirenena na ny «apatridie», ny fahazoana mialokaloka amin'ny firenena iray na «droit d'asile».

Toy izay amin'ny ankapobeny no fizotran'ny asa miandry antsika Solombavambahoaka. Koa manentana sahady amin'ny fahazotoana sy fahavononana fa raharaha notadiavina ny antsika, ka be ny efa eo ampamoloana, miandry antsika hively sisa.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Raha eo amin'ny raharaham-pirenena amin'ny ankapobeny indray dia misy azon'ny Antenimierampirenena ambara, na dia ny santionany ihany aza.

Voalohany dia miaraha manokana ireo Governoram-paritra izay voatendry vao tsy ela teo ireny. Araka ny politika vaovaon'ny fitondram-panjakana mijoro ankehitriny tokoa mantsy dia ainga vao no entina eo amin'ny lafiny fitsinjaram-pahefana, ka ny Governora no anisan'ny hisantatra izany ankehitriny. Koa mitsodrano sy mirary soa ho azy ireo izahay.

Isika Solombavambahoaka kosa, ampahatsiahivina ihany, araka ny voasoratra ao amin'ny Fitsipika Anaty, andininy faha-207, andalana faha-2, fa azon'ny Solombavambahoaka atao ny manatrika ny fivorian'ireo Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, saingy amin'ny maha mpanara-maso fotsiny ihany na "observateurs" antsika no anatrehana izany.

Adidin'ny Governora no mampahafantatra ny Solombavambahoaka ny fotoam-pivoriana. Tokony hararaotina io fahefana ananantsika io mba tsy hahatompon-trano mihono ny Solombavambahoaka amin'ny asa atao any amin'ny Faritra.

Eo amin'ny raharaham-pirenena ihany dia nanakoako tokoa iny resaka fiatrehana ny fanadinana "baccalauréat" teo iny. Tsy hasiana resaka intsony ny zava-niseho satria samy mahalala ny rehetra. Efa samy mandray ny andraikiny koa ny tomponandraikitra tsirairay. Apetrako eo ny amin'iny.

Farany dia ny mikasika ny fanatanterahana ny Tanamasoandro izay nahabe resaka koa tato ho ato. Betsaka mantsy ny antso tonga aty amin'ny Solombavambahoaka izay voakasik'ireny fandaharan'asa ireny, ka manana adidy izahay hitondra fanazavana eto.

Raha ny fahitana azy ankehitriny, Tompoko, dia tsy ho voasakana ny fitondrana fa tehanatanteraka mafy ary hotanterahana ny IEM izay nampanantenainy sy ny velirano izay nifanaovan'ny fitondrana tamin'ny vahoaka. Ny vahaolana aminay dia ny fifanatonana mba hifampidinika ampanetren-tena mba hiatrehana ny vokatry amin'ny fanaovana ireo fotodrafitrasa ireo satria antoky ny fampandrosoana izany. Ny fanjakana kosa manoloana izany dia tokony hanao vaindohan-draharaha izany fifampidinihina izany mba hisian'ny marimaritra iraisana, sady tsy hampisy lonilony na hampisy korontana satria zozoro miaramaniry amim-boahirana ka samy maitso mavan'ny rano naniriany. Izany hoe tokony ho tombotsoa iombonana eo amin'ny andaniny sy ankilany no hisy eo ampanatanterahana ny fandaharan'asa. Tsy misy izay tsy maniry izany fandrosoana izany ny vahoaka rehetra saingy tsy misy tsara tahaka ny fifanatonana ary mino sy matoky izahay fa ny Solombavambahoaka lany tamin'ny fari-pifidianana izany dia hiezaka hanao izay faran'ny ainy mba hampisy ny filaminana.

Eto dia mamelà ahy ianareo mba hitodika manokana amin'ny fahefana Mpanatanteraka mba hanolotra fisaorana feno tamin'ny nanekenareo ny fangatahanay tamin'ny "extension budgétaire" satria tena efa kenda tokoa izahay. Misaotra ihany koa tamin'ny nanekenareo ny fanavaozana ny fotodrafitrasa eto amin'ny Antenimierampirenena izay eo amperin'izany asa izany ary mbola hitohy hatrany.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Ho voly vary manandrify taona anie izay voalaza rehetra teo, ka hifanandrify koa amin'ny ventin-kabary sahaza; na be na kely izay voalahatra teo dia inoana fa antonony sy mendrika ny lanonana anio.

Misaotra anareo rehetra naharitra nihaino anay ary mamerina ny fankasitrahana koa tamin'ny fahatongavana sy ny fanotronana.

Samia mahereza amin'ny adidy sy asa tandrify azy avy, fa fotoana izao hiovàna sy handroson'ny Firenena amin'izay ka haneno amin'izay ny akoho fa tsy lanin'ny kary akory.

Misaotra Tompoko.

- Tehaka-

Ambarako fa misokatra amin'ny fomba ofisialy ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2019.

- 4 -

- Fiatoan'ny fivoriana -

Ramatoa FILOHA

Mialohan'ny hiatoan'ny fivoriana, ampahafantarina isika Solombavambahoaka, fa rahampitso Alarobia 16 Oktobra 2019, amin'ny 10 ora, maraina, hisy ny fivorian'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra, hatao ao amin'ny "salle BP"; amin'ny 3 ora, tola'andro, hisy ny "Conférence des Présidents" handrafitra ny ho fandaharam-potoana amin'izao fotoam-pivoriana izao. Ny Alakamisy 17 Oktobra 2019, amin'ny 10 ora, maraina, fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirena; koa entanina isika rehetra ho tonga mavitrika amin'ny fanatrehana izany.

Eto am-pamaranana dia fifaliana ho anay ny manasa antsika, izay nahazo fanasana amin'izany, hiara-hiala hetaheta ao amin'ny "Cafeteria"-n'ny Antenimierampirenena.

Misaotra Tompokolahy.

Mankasitraka Tompokovavy

Miato hatreo ny fivoriantika.

- Lakolosy -

Niato tamin'ny 11 ora sy 55 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny rehetra, Ramatoa Filoha.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona